# “Tsy afaka mandeha lavitra ny vehivavy mandritra ny roa andro raha tsy miaraka aminy ny vadiny na olona fady

Tatitra azo avy tamin'i Abou Saì'd Al-Khodri (R.A) -dia niaraka nanao ady masina roa ambin'ny folo tamin'ny Mpaminany (S.A.W) - dia hoy izy : Nandre zavatra efatra avy amin'ny Mpaminany (S.A.W) aho ka nahafinaritra ahy, niteny izy : “Tsy afaka mandeha lavitra ny vehivavy mandritra ny roa andro raha tsy miaraka aminy ny vadiny na olona fady azy, ary tsy hanao fifehezana amin'ireto andro roa ireto : Al-Fitr sy Al-Adha, ary tsy hivavaka aorian’ny Fajr mandra-piposahan’ny masoandro sy aorian’ny Asri mandra-pilentikiny , ary aza manao fitsidiana masina afa-tsy amin’ny moske telo: ny Moske Haram, ny Moske Al-Aqsa, ary ity moskeko ity”.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nandrara zavatra efatra ny Mpaminany (S.A.W) : Ny voalohany dia ny : Manakana ny vehivavy tsy handeha lavitra mandritra ny roa andro tsy miaraka amin'ny vadiny na ny iray amin’ireo fady azy, izany dia havany fady azy mandrakizay, toy ny zanakalahy, ray, zana-drahalahy, zanaky ny anabavy, dadatoan-dray, rahalahan-dray, sy ny toy izany. Ny faharoa : Fandrarana amin’ny fifehezana amin'ny andro Eid al-Fitr sy ny Eid al-Adha, na dia fifehezana noho ny voady, na an-tsitrapo, na ny fanonerana trosa. Ny fahatelo : Voarara ny manao soalat an-tsitrapo aorian’ny vavaka Asri mandra-pilentiky ny masoandro, ary aorian’ny vavaka maraina Fajri mandra-piposahan’ny masoandro. Ny fahefatra : Voarara ny mandeha any amin’ny toerana ka mino ny fahamasinany sy finoana ny fitomboan'ny fahasoavana azo avy aminy, ankoatra ireo moske telo ireo, koa tsy azo atao ny mandeha any amin’ny toerana hafa mba hivavaka hahazoana fahasoavana, satria tsy hitombo ny valisoa raha tsy ao amin'ireo moske telo ireo dia ny Moske Haram, ny Moske Mpaminany ary ny Moske Al-Aqsa.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee